

IMATSATSO

Ny <sup>o</sup> tantarany IMATSATSO ANDRIAMANITRA

---

1- Imatsatso dia avy any Ambondrombe, avy ao amin'ny ilay tany atao hoe "Iratsa" ; nefa avy ao <sup>o</sup> antsinanana atsimony kely atao hoe Ambatoharana-na no nakàny azy.

2- Rehefa tonga teo izahay efa-dahy (Randrianandritany sy Ratsimihai-ka sy Raondriana sy Ramangazafy) dia niresaka <sup>o</sup> tany ny tompon-trano ka nanontany hoe :

- "Mahare laza izahay, fa ety hono, misy Andriamanitra mahery, ka moa misy tokoa va izany ?

Dia hoy ny tompon-trano :

- "Misy hiany, fa tsy eto izy fa any Ambondrombe mijanona <sup>o</sup> amy ny lapanany any izy, fa Andriamanitra, tompon'ny fahasivy, mpanjakan'ny Zanahary ao, mpanisy soa ny mponina, mpiaro ny fahavalo <sup>o</sup> amy ny lafin-tany efatra ; Andriananahary raiben'ny Andriananahary izy izao. Tsy mba azo tonontononina foana ny anarany, fa mahafaty tokoa, raha tsy manasina azy vao manonona ny anarany.

3- Andriananahary manan-tsaina sy malady izy izao, ka ny olona izay mitady andevo sy mila vola aman-pananana, raha nangataka aminy, ka mitondra tàndra sy manao voady aminy, dia tahiny, ka mahazo izay ilaina aminy. Nefa tsy azo <sup>o</sup> anaona voady an-bava fotsiny izy, fa Andriamanitra masina tsahay vazivazina, fa maty fa tsy velona raha mankahatra (mitsapa manandrana) ny fombany, indrindra fa raha misy miteny ratsy azy, dia tsy mba velona fa maty tokoa.

4- Ka tsy azonay ambara vahiny tsy mahalala ny fombany, fa sady manangatra no mahakeo, ka tsy azonay fitahina hianareo vahiny, fa izay

L'histoire de Divin IMATSATSO

---

Imatsatso venait de l'Ambondrombe ; il venait de ce lieu appelé -1  
Iratsa, plus particulièrement d'Ambatoharanana qui est à l'est-sud-est  
de ce lieu, et où on l'a pris.

Quand nous y sommes tous les quatre arrivés (Randrianandritany, Ra- -2  
tsimihaika, Raondriana et Ramangazafy) nous avons conversé avec le maître  
de céans et lui avons demandé :

- "Nous avons entendu dire qu'il y aurait ici un Dieu puissant. Cela est-  
il vraiment ?

Le maître de céans répondit :

- "Cela est bien, mais il n'est pas ici, mais en Ambondrombe ; il reste  
dans son palais de là-bas car il est le Dieu maître du neuvième, roi  
des Zanahary qui y sont, bienfaiteur de la population, protecteur des  
brigands aux quatre coins de la terre ; il est Andriananahary, grand-père  
des Andriananahary. On ne peut prononcer en vain son nom ; car cela peut  
entraîner la mort si, avant de prononcer son nom, on ne lui a pas offert  
le hasina.

" C'est un Andriananahary doué d'intelligence et dont l'esprit est -3  
délié. Aussi, s'ils lui en font la demande, lui apportent un cadeau et  
lui font voeu, les gens qui désirent des esclaves et sollicitent de l'ar-  
gent et des biens, reçoivent sa bénédiction et obtiennent de lui ce qu'ils  
ont sollicité. Mais il ne peut se contenter d'un voeu formulé par la bou-  
che, car c'est un Dieu saint qu'on ne peut plaisanter et c'est bien la  
mort et non la vie qu'on récolte si on s'amuse à braver ses exigences  
(pour voir ce qui s'ensuivrait), à plus forte raison n'a-t-on aucune chan-  
ce de survivre si on l'insulte.

De ce fait, nous ne pouvons pas le nommer à des étrangers qui -4  
ignorent ses exigences, car cela peut provoquer l'agression des

mamitaka no azony. Ary moa very inona hianareo sa hila inona aminy no toa mitady azy ? Raha zavatra kely foana no very aleo afoy, ary raha aretina kely foana no mahazo aleo tsaboina etỳ ; fa mafy dia mafy ny maka azy, sady sarotra no tsy vatra. Hatao ahoana izao ny hahitanareo azy fa hianareo mitady ny mahery mba ho hitanareo, nefa tsy vita mora izany ; - fa raha tsy mamono omby hanaingana azy hianareo dia tsy hahita azy, ary raha mahita azy hianareo dia hatahotra sy hangovitra erỳ ka hivadipo sy handraiki-marary a s.

5- Ka aoka re, toy pokolahy, fa aza manahiran-tena foana amin'izany, fa sady tsy ho zakana reo ho entina no tsy ho foin'ny tompon-tany etỳ, ka aza manahiran-tena amin'izany, fa lehibe loatra sy mahery izy izao, fa Andriananahary tsy mitovy amin-draha, ka aoka raikobe tsy ho tenenin-tsika izao, fa zavatra saro-jàka loatra, ka na ny vavako hanonona azy aza dia mangovitra raika fa izay haka azy ho eto.

6- Ary moa hianareo va izao mahafoy omby hatandrantsika azy ? fa raha tsy manao izany hianareo, dia tsy hainay hambara aminareo akory ny anarany, ary raha mahafoy omby hianareo, dia hanainga azy ho tonga eto

esprits (1) et attirer la malédiction (2), et nous ne pouvons nous permettre de vous tromper, vous qui êtes étrangers, car ce sont les trompeurs qui sont frappés. Mais, dites-nous, auriez-vous perdu quelque chose ? ou bien désiriez-vous lui demander quelque chose et quelle chose ? que vous sembliez ainsi le rechercher. Si ce n'est qu'une chose de rien que vous avez perdue, mieux vaut y renoncer, et si ce n'est qu'une petite maladie qui vous tient, mieux vaut la soigner ici, car il est très très difficile de le prendre, et non seulement difficile mais périlleux. D'ailleurs comment pourrait-on faire pour que vous le voyez, puisque vous souhaitez voir le puissant ? Or, ce n'est pas chose facile à réaliser, car si vous ne tuez pas un boeuf pour le mettre en route, vous ne le verrez pas ; et si vous le voyez, vous aurez peur et tremblerez comme tout, vous serez saisi de frayeur et vous en tomberez même malade.

Alors de grâce, Messieurs, ne vous mettez pas inutilement en -5  
peine pour cela, car d'une part, vous serez incapables de l'emporter, et d'autre part, les gens du pays ne pourront y renoncer. Donc ne vous mettez pas en peine pour cela, car celui-ci est bien trop grand et puissant ; c'est un Andriananahary sans point commun avec les esprits. Alors de grâce, mes aïeux, n'en parlons pas, car c'est une chose dont il est trop difficile de parler et même ma bouche qui devrait prononcer son nom, en tremble ; qu'en serait-il s'il s'agissait de l'amener ici !

Mais, dites-nous seriez-vous prêt à sacrifier un boeuf pour que -6  
nous lui fassions offrande ? Car si vous ne le faites pas, nous ne saurions même pas vous révéler son nom. Mais si vous êtes prêts à sacrifier un boeuf, vous et nous, nous l'inviterons à venir jusqu'ici, à moins que nous n'allions le chercher, nous les gens du pays. Cependant seul le

---

1) Angatra est le nom que l'on donne à un certain nombre de maladies (urétérite, blénnorrhagie, etc) que l'on croit être provoquée par les esprits.

2) Mahakeo est inconnu du merina. D'après Richardson, keo est le nom que les devins donnent à une maladie (?) ; par ailleurs, hakeo en dialecte vezo désigne une malédiction. Il faudrait rapprocher ce mot keo du merina ki-o, qui désigne l'état de déchéance d'un homme riche qui a perdu ses biens ou dont la postérité s'est appauvrie.

isika; na izahay no haka-azy ; nefa izay mahafoty ny tandra aminareo efa-dahy no mahita azy, fa tsy mahita izay tsy manandra azy na dia tonga eo aza izy.

7- Dia hoy ny vahiny (ambaniandro) :

- "Hoatrinona ary no vidin'ny ombinareo ?

- "Tsy amidinay vola, fa amidinay lamba sy vakana, fa hataonay inona moa ny vola, fa lamba sy vakana no mahory anay itoy.

Vahiny :

- "Lamba inona sy vakana hoatrinona ary no homenay anareo ?

Tompon-trano :

- "Vakana iray vozo sy telo mahafoty tanana ary lamba iray.

Vahiny :

- "Indry ary ny vakana jijikely (mena) sy <sup>o</sup>vaka-potsy iray vozona sy lamba rongony iray ho vidin'ny ombinareo.

8- Dia tapaka tamin'izay ny varotra ka nomen'ny tompon-trano azy ny omby ilay sàda-voara.

9- Dia faly ny vahiny fa nahazo zava-mora, fa (1) (ilavoamena) no masokariany <sup>o</sup>tamy ny vakana lasany ary sikajy (kirobo) no masokariany <sup>o</sup>tamy ny lamba.

10- Rehefa lasan'ny vahiny ny omby, dia natolony ny tompon-trano hoe :

- "Indro ary ny omby hanandrànay ny Andriamanitra ka ataovy arak'izay fomba fanaonareo azy, fa mba tahahita azy izahay.

---

1) lire : eranamatry 1

variraiventý 5

verra celui de vous quatre qui aura accepté de lui faire cette offrande, mais ceux qui n'y auront pas participé ne le verront pas, même s'il arrive.

Alors les étrangers (ambaniandro) dirent :

-7

"Alors, combien vendez-vous le boeuf ?

- "Nous ne le vendons pas pour de l'argent, mais pour des tissus et des perles, car que feriez-vous donc avec de l'argent ? C'est de tissus et de perles que nous manquons ici.

Les étrangers :

- "Quel genre de tissu et quelle quantité de perles allons-nous donc vous donner ?

Le maître de céans :

- "Un collier et trois bracelets de perles, et une pièce de tissu.

Les étrangers :

- "Voici donc les perles jijikely (rouges) (1), un collier de petites perles blanches et une pièce de tissu de chanvre pour prix de votre boeuf.

Le marché fut alors conclu et le maître de céans leur donna le boeuf en choisissant le sadavoara (2) du troupeau.

-8

Les étrangers furent heureux d'avoir conclu un marché avantageux; en effet, les perles données en paiement leur étaient revenues à dix centimes, et le tissu à un franc vingt cinq.

-9

Quand les étrangers eurent acquis le boeuf, ils le présentèrent au maître de céans en ces termes :

-10

- "Voici donc le boeuf que nous offrons au Dieu et traitez-le en suivant les usages que vous suivez habituellement dans vos rapports avec lui, car nous voudrions le voir.

---

1) ou : "la perle jijikely". En effet, tout ce que l'on peut déduire du texte, c'est que "ny vakana jijikely (mena)" correspond à la demande des trois bracelets de perles. S'agit-il de trois bracelets de petites perles rouges ou d'une perle jijikely rouge qui les vaudrait ?

2) Probablement blanc tacheté de roux, mais d'un roux voisin de la couleur des fruits de voaram pa, Micus sp.

11- Dia nivoaka Rangahy Ramialina, ka nivavaka tao <sup>o</sup>antsinanar-trano, ary rehefa tapi-nivavaka izy, dia noraisiny ny dombolo ; (vanimbolo-tsangana roa) dia hoy ny vahiny :

- "Hataonao inona iny, ry Ingahibe a ?

Dia hoy Ingahibe :

- "Hoany Iratsa hanainga an'Andriamanitra aho, ka tsy mahay nanary rano raha tsy amin'ity fa fady tsy azo anaovana izany ny tany any.

12- Rehefa tonga ao Iratsa Ingahy telo-mianaka, dia nitondra ny Andriamanitra. Ary nony tonga tao antanana ny Andriamanitra, dia novonoina ny omby <sup>o</sup>tamy ny vahiny ka natao ny saotra dia vao izay vao nilaza ny anaran'io Andriamanitra io Ingahy, ka nanao hoe :

- "Imatsatso Andriananahary no anaran'ity tonga eto <sup>o</sup>amitsika ity.

Sady mivavaka izy no manonona izany anarana izany.

Vahiny :

Moa tsy mety, Rangahy, raha mba manasina azy izahay ?

Rangahy :

- "Efa nitandra omby izy izao, izany no hasina lehibe.

13- Dia tsy niteny intsony ny vahiny, fa nisaotra an-dRangahy no nataony.

14- Rehefa nipetraka kely dia nosotroin'Imatsatso teo ny rà, ka tsy nisy hita teo intsony, nefa tsy hita akory izay nisotroany azy teo ka lany. Dia hoy ny vahiny :

- "Nankaiza ry Rangahy ny rà teo no tsy hita izay nihinana azy ka lany ?

Dia hoy Rangahy :

- "Endre! Tsy nolazaiko taminareo ve, fa Andriamanitra Zanahary io. Ny loharano ety aza raha sotroiny dia ritra, ary ny rano eto Imanambolo raha tapahiny dia tapaka, fa moa dia hilaza lainga aminareo aho ? Jereo ange, fa na dia ity tendrom-bohitra andrefana ity aza no ho levoniny dia ho levona teo, ary na ny ala hohaina, dia maina, ka izay



Alors Rangahy Ramialina sortit et pria à l'est de la maison, et -11  
quand il eut fini de prier, il prit les dombolo (deux entrenoeds de  
bambou). Les étrangers dirent :

- "Dites Ingahibe qu'allez-vous en faire ?

Et le vieillard répondit :

- "Je m'en vais à Iratsa pour mettre Dieu sur le départ, et sans ceci je  
ne pourrais uriner car il y est interdit d'uriner par terre.

Quand le vieillard et ses enfants arrivèrent à Iratsa, ils pri- -12  
rent le Dieu. Et quand le Dieu arriva au village, on tua le boeuf pro-  
curé par les étrangers, et l'on fit l'action de grâces. Ce ne fut qu'a-  
lors que le vieillard prononça le nom de ce Dieu et dit :

- "Imatsatso Andriananahary, tel est le nom de celui qui est venu parmi  
nous".

Et c'est en priant qu'il prononça ce nom. Les étrangers :

- "Ne conviendrait-il pas, Rangahy, que nous lui offrions le hasina ?  
Rangahy :

- "Il vient déjà de recevoir l'offrande d'un boeuf ; c'est là un très  
grand hasina.

Alors les étrangers n'insistèrent pas et se contentèrent de re- -13  
mercier le vieillard.

Après un moment de répit, Imatsatso but le sang sur place et on -14  
n'en vit plus trace, et pourtant on ne l'avait même pas vu le boire et  
il n'en restait plus. Les étrangers dirent :

- "Où est donc passé le sang qui était là, Rangahy, que l'on n'ait pas  
vu qui l'a mangé et il n'en reste rien.

Le vieillard dit :

- "Eh bien ! ne vous avais-je pas dit que c'était un Dieu Zanahary !  
Même l'eau des sources d'ici, s'il la boit, est tarie, et la rivière  
d'ici, la Manambolo, s'il la coupe, est coupée ; d'ailleurs me croyez-  
vous donc capable de vous dire un mensonge ? Voyez plutôt, même si c'est  
cette montagne à l'ouest qu'il décide d'anéantir, elle sera effective-  
ment anéantie, et si c'est la forêt qu'il décide de dessécher, elle sera

tiany hatao dia tanteraka, fa Andriamanitra izy.

- 15- Ary nony nandre izany ny vahiny, (fa toa dia be filaza loatra Rangahy) dia tsy nino izy, ka te-hanebaka azy ka nanao hoe :  
- "Asehoy kely ary Rangahy izany heriny izany mba ho hita.
- 16- Dia notondroin-dRangahy ny tendrombohitra eo andrefany eo, dia nirehitra <sup>o</sup>hatramy ny tany aza ka efa namovoka nanaraka ny setroka koa ny tany.
- 17- Dia hoy ny Ambaniandro (vahiny) :  
- "Raha azonao atao Rangahy hotaha Andriamanitra anie hianao, mba asaovy atsahatra io, fa <sup>o</sup>androa ho may hatramintsika ety ka mahita loza ety.  
Dia notondroin'Ingahy indray ka maty ny afo.
- 18- Ary nony hitan'ireo Ambaniandro ireo izany, dia gaga tsy nahate-ny tery izy efa-dahy.
- 19- Ary nony afaka ampitso ny andro dia nizara roa ny hevitr'izy efa-dahy. Hoy ny sasany :  
- "Andeha <sup>o</sup>hoentitsika io Andriamanitra io fa tsara sy mahery.  
Ary hoy kosa ny sasany :  
- "Hitondra loza angaha isika no hitondra azy, izany dia maina nody ho lena, ka raha aleoko mody maina tsy mahita azy, toy izay hitondra sa-boimaro ho an'ny tena.
- 20- Dia samy kivy ratsy indray izy efa-dahy, ka nifanjana sy nifanokitoky teo. Dia nisy natoatoa niteny tamin'izy efa-dahy teo (tamin'iny antoandro iny) ka nanao hoe :  
- "Ny tanala adala ka tsy mahalala ny fomban' Andriamanitra loatra ka

effectivement sèche. Ce qu'il veut faire, il l'accomplit, car il est Dieu".

Quand les étrangers entendirent cela, (parce que le vieillard -15  
semblait trop en remettre) ils ne le crurent pas ; et voulant le rail-  
ler, ils lui dirent :

- "Alors, Rangahy, rendez-nous un peu une telle puissance manifeste que nous constatons.

Le vieillard pointa son doigt sur la montagne de l'ouest, et elle -16  
fut aussitôt, terre comprise, la proie du feu, et déjà on voyait la ter-  
re en poussière partir avec la fumée.

Les Ambaniandro (étrangers) dirent :

- "Si cela vous est possible, Rangahy, Dieu vous bénisse, veuillez-bien -17  
demander qu'on arrête cela, de crainte que le feu ne vienne jusqu'ici  
et que nous en soyons nous-mêmes brûlés, trouvant ici notre malheur.  
Alors le vieillard pointa de nouveau son doigt et le feu s'éteignit.

Et quand ces Ambaniandro virent cela, ils en furent tous les -18  
quatre étonnés à ne pouvoir dire un mot.

Et le surlendemain, les quatre hommes se partagèrent en deux -19  
groupes selon leurs opinions. Les uns disaient :

- "Emportons ce Dieu, car il est bon et puissant.

Et les autres disaient :

- "Voulons-nous emporter le malheur pour l'emporter ! Ce serait avoir  
été sec et être revenu pour être mouillé. Et pourquoi ne préférerais-  
je pas rentrer sec sans l'avoir vu plutôt que d'emporter une malédic-  
tion pour soi-même.

Alors tous les quatre tombèrent dans le plus grand désarroi et se -20  
renvoyèrent la balle, chacun engageant les autres à agir en les déclara-  
nt plus dignes que lui. Il y eut alors un esprit qui parla aux quatre  
hommes (c'était en plein jour) et qui dit :

- "Les Tanala sont bornés et ne s'y connaissent pas beaucoup en matière

hasino<sup>o</sup> amy ny vola ~~nan~~tinareo izy, ka ataovy teny malemy no fanasinareo azy, <sup>o</sup>fandroa reny tanala ka vonoiny hianareo, ka ataovy<sup>o</sup> amy ny eritreritrareo hianareo no anasinanareo azy<sup>o</sup> amy ny vola tsy vaky dia hifindra ka tsy ho hian'ny tanala akory : ary rehefa tonga eny ambozonareo izy, dia aza matohotra intsony hianareo, fa mandehana ka aza manao veloma, fa raha manao veloma hianareo, dia lasa miverina Imatsatso.

21- Ento fa mahaso anareo izy, fa tsy misy manankery mihoatra azy ka handresy azy. Izy no mpanjakan'ny matoatoa rehetra, na ny tsara na ny ratsy.

Ary nony nahalaza izany ilay matoatoa, dia lasa.

22- Ary nony tonga tao an-trano izy efa-dahy dia nanasina<sup>o</sup> anakapò hoe :

- "Avy manasina an'ny izahay ry Imatsatso Andriamanitra<sup>o</sup> amy ny vola tsivaky ka avia maratonan'ny anay, raha hahasoa sy hahatsara anay sy tsy hanenenanay, ary raha tsy hahasoa anay kosa, dia aza<sup>o</sup> makaty foana. Raha mbola tsy tapaka ny teniny, dia indro efa tonga eny am-bozondrazokimanisa izy, dia nivoaka izy ka lasa nitondra an-dRamatsatso Andriamanitra, dia mba nivoaka nanaraka azy koa izy telo-lahy.

23- Rehefa tafavoaka tao an-trano izy ireo, dia tsy niverina intsony fa lasa ka nandry tao Itaolana dia niala tao indray ka nandalo any<sup>o</sup> antsinanan'Ambohitra, dia nahazo any Antananomby dia namaky an'Amboasary dia nahazo any Analamainty ka niboroaka an'Analamasina, dia nisakafo tao Ivinanitelô, dia nandalo any Imarohonkôna dia nahazo any Imahasoa dia nandry eny Ambohibaràhena. Ary teo dia nisy vato nitoeran'Imatsatso Andriamanitra, ka dia tonga vato-fady io vato io ambarak'ankehitriny.

d'usages du Dieu. Alors voici ce qu'il faut faire : offrez lui le hasina avec l'argent que vous avez apporté et votre hasina, présentez-le à voix basse, de peur que les Tanala ne vous entendent et vous tuent ; quant à la monnaie-sans-défaut du hasina, offrez-la seulement en pensée, et il changera de camp sans même que les Tanala l'aient vu. Et quand il se sera accroché à votre nuque, n'avez plus aucune crainte et partez ; mais ne faites pas d'adieu, car si vous en faites, Imatsatso s'en retournera.

Emportez-le car il vous sera bénéfique, puisqu'il n'en est aucun -21  
qui le surpasse en puissance et qui, par conséquent, soit capable de le vaincre. C'est lui qui est le roi de tous les esprits, des bons comme des mauvais !  
Et quand il eut fini de dire cela, l'esprit s'en alla.

Et quand les quatre hommes arrivèrent à la maison, ils firent -22  
l'offrande du hasina et eux-mêmes par ces mots :  
- "O Imatsatso, Dieu, nous venons vous offrir le hasina, avec la monnaie-sans-défaut ; aussi venez vers nous, si vous devez nous être bénéfique et profitable et que nous ne devons pas avoir à le regretter ; par contre, si vous ne devez pas nous être bénéfique, il est inutile que vous veniez.  
Leur phrase n'était pas encore terminée que déjà il était arrivé sur la nuque de Razokimanisa. Alors celui-ci sortit, emportant divin Ramatsatso, et les trois autres sortirent à leur tour pour les suivre.

Quand ils furent sortis de la maison, ils n'y revinrent plus ; -23  
ils partirent et dormirent à Itaolana. Puis quand ils quittèrent ce lieu, ils passèrent à l'est d'Ambohitra, gagnèrent Antananomby, puis traversèrent Amboasary, gagnèrent Analamainty pour traverser Analamasi-na, mangèrent à Ivinanitelo, passèrent à Imarohonkona, gagnèrent Imahaso pour dormir à Amohibarahena. Et là, il y avait un rocher où reposa divin Imatsatso ; et ce rocher devint de ce fait un rocher interdit jusqu'à nos jours.

- 24- Ary nony niala tao Ambohibarahena indray, dia nandry tao Ianjana-  
na. Ary satria vato hi any moa no azo ipetrahan'Imatsatso fa tsy mba azo  
apetraka <sup>o</sup> any ny tany na zavatra hafa fa mahery izy, ary izay vato ipe-  
trahany fotsiny aza, dia tonga masina sy mahery arak'izay mbola ho la-  
zaina manaraka.
- 25- Ary io vato ao ambany <sup>o</sup> antsinanany Ianjanina nametrahana any  
Imatsatso Andriamanitra io, dia natao hoe : Ambatonandriananahary, ka  
raha misy vorona etc. mipetraka ao <sup>o</sup> atampon'io vato masina io, dia maty  
eo ifotony eo.
- 26- Ary nony ampitson'iny, dia niala teo ka nandry tao <sup>o</sup> antsinanan'  
Ankotsaka avaratry ny <sup>o</sup> alany Inandihizana, ary ny vato nametrahana azy  
ao koa, dia tonga vato masina hosoran'ny olona menaka, ka raha misy  
olona maniry zaza etc. dia manosi-menaka ao, nefa Imatsatso Andriamani-  
tra no tononina aloha indrindra, ka atao hoe : "Imatsatso Andrianana-  
hary" etc. dia manazo izay ilainy izy.
- 27- Ary nony niala tao indray dia nandry tey Ambohibahoaka, dia  
nisy vato <sup>o</sup> nipetrahan'ny Imatsatso Andriamanitra indray teo, ary io vato  
io dia vato masina koa, ka anateran'ny olona akoho sy hosorany menaka,  
ary ny <sup>o</sup> anarany io vato io ambarak'androany, dia atao hoe : Ambatonan-  
driananaharitatsino.
- 28- Ary nony niala teo indray, dia nandry tey andafy <sup>o</sup> atsinanany  
Imahazina, dia nisy vato <sup>o</sup> nipetrahan'ny Imatsatso indray teo, ka natao  
hoe, Ivatofisaorana.
- 29- Ary nony niala teo indray, dia nahazo ny lalana andrefana ka  
nandry tao Ambatosiohina, <sup>o</sup> avaratry Ilaka, atsimokelin'Ambohimanjaka;  
ambany <sup>o</sup> andrefany Ivohidava, <sup>o</sup> antsinanany Imerina.

Et quand ils quittèrent à nouveau Ambohibarahena, ils dormirent -24  
à Ianjanana. Et comme ce n'est que sur les rochers qu'Imatsatso pouvait  
reposer et qu'on ne pouvait à cause de sa puissance le poser à terre ou  
sur une autre chose, et d'ailleurs, ainsi que nous le dirons encore par  
la suite, la simple pierre sur laquelle il a reposé devenait sacrée et  
puissante (1).

Et ce rocher dominé par Ianjanina à l'ouest et où l'on posa divin -25  
Imatsatso, fut appelé : Ambatonandriananahary ; et si un oiseau ou autre  
chose se posait au sommet de cette pierre sainte, il mourait avant même  
de l'avoir quitté.

Et le lendemain de ce jour, ils se remirent en chemin et dormirent -26  
à l'est d'Ankotsaka, au nord de la forêt d'Inandihizana, et là encore la  
pierre sur laquelle on l'avait posé, devint une pierre sacrée que les gens  
enduisent de graisse ; si quelqu'un désire avoir des enfants etc., il  
l'enduit de graisse ; cependant c'est divin Imatsatso que l'on invoque en  
tout premier par ces mots : "Imatsatso Andriananahary" etc. ; et il ob-  
tient ce qu'il lui a demandé.

Et quand ils quittèrent ce lieu et dormirent à Ambohibahoaka, il y -27  
a encore, là aussi, une pierre où divin Imatsatso se reposa, et cette  
pierre est aussi une pierre sacrée ; les gens y apportent des coqs et  
l'enduisent de graisse ; le nom de cette pierre jusqu'à ce jour est :  
Ambatonandriananaharitatsimo.

Et quand ils quittèrent ce lieu, ils dormirent à l'est d'Imahazina -28  
de l'autre côté de la vallée. Il y eut encore, là aussi, une pierre où ils  
posèrent Imatsatso et que l'on appela par la suite : Ivatofisaorana.

Et quand ils quittèrent ce lieu, ils gagnèrent la route de l'ouest -29  
et dormirent à Ambatosiohina, au nord d'Ilaka, un peu au sud d'Ambohiman-  
jaka, en contrebas d'Ivohidava vers l'ouest, à l'est d'Imerina.

---

1) La phrase sans doute trop longue est restée inachevée. On devine sans  
peine la suite.

- 30- Ary nony niala tao indray dia nandry teo Ambohimanambola kely, aty °andrefany Ivotovorona, °antsinanan'Antsirabe, dia nisy vato masina ao °nipetrahan'ny Imatsatso atao hoe, Ambatondôlo, satria ny lolo (matoatoa) no nilaza fa masina io vato io, fa vato °nipetrahan'ny Imatsatso Andriamanitra ka izany no nanaovana azy hoe : Ambatondolo, ka izay mivavaka eo ka mitonona any Imatsatso Andriamanitra dia tahiny tokoa ka mahazo izay ilaina aminy, na zaza na harena etc.
- 31- Ary nony niala teo indray, dia nandry tao Ambohibatazana, dia nisy vato °nipetrahan'ny Imatsatso koa ao ambany avarany akaiky ao, ary io vato io dia masina indrindra fa anateran'ny olona vola aza, ny anaran'io vato io dia atao hoe : Ambatonandriamanitra, . .
- 32- Ary nony niala teo indray, dia nandeha mafy izy ka nandry tao Ambatobotsina dia nipetraka teo Imatsatso Andriamanitra, ka tonga vato masina indrindra teo °anatin'ny Imerina io Ambatobevoka io ambarak'androany ka tsy azo androràna. Ary ny olona izay mila zaza dia misafo sy manosi-menaka io vato io, sady manao voady hoe : "Raha mba ho tahinao aho ry vato masina ity, ka mahazo zaza, dia manasina anao aho sy manatitra akoholahy mena foihaika sy manosi-menaka anao".
- 33- Ary nony ela ro anaovany izany teny izany, dia mahazo zaza izy fa °tahiny Imatsatso Andriamanitra dia manatitra ireo voady nataony ireo izy.
- 34- Ary nony niala teo izy, dia tonga teny Ambohipeno Imatsatso Andriamanitra, dia Randriatomponimerina sy Rataimanangoana no Andriana teo.
- 35- Raha vao nahika azy efa-dahy tonga nitondra any Imatsatso Andriamanitra ny Andriana, dia faly ka nanasina °amy ny vola-tzivaky (ariary 1).



Et quand ils quittèrent ce lieu, ils dormirent à Ambohimambola -30  
kely, pas loin d'ici, à l'ouest d'Ivotovorona, à l'est d'Antsirabe. Et  
là il y eut une pierre sacrée où ils posèrent Imatsatso et que l'on ap-  
pelle : "Ambatondolo", car ce sont les esprits qui dirent que cette pier-  
re était sacrée parce que c'était la pierre où reposa divin Imatsatso.  
C'est pour cette raison qu'on la nomma "Ambatondolo". Et quiconque y  
prie en invoquant son nom, est béni par divin Imatsatso et en obtient ce  
qu'il demande, que ce soit des enfants, des richesses ou autre chose.

Et quand ils quittèrent ce lieu ils dormirent à Ambohibatazana. Il -31  
y eut encore, non loin de là, une pierre où ils posèrent Imatsatso et qui  
se trouvait en contrebas vers le nord ; cette pierre est des plus sacrées  
et les gens y apportent même de l'argent. Cette pierre porte le nom d'Am-  
batonandriamanitra.

Et quand ils quittèrent ce lieu, ils allèrent à vive allure et pu- -32  
rent dormir à Ambatobotsina. Divin Imatsatso s'y reposa et cette pier-  
re d'Ambatobevohoka devint la pierre la plus sacrée de toute l'Emyrne et  
l'est restée jusqu'à ce jour, et l'on n'a pas le droit d'y cracher. Et  
les gens qui désirent des enfants, viennent passer la main sur cette pier-  
re et l'enduire de graisse, tout en faisant ce vœu : "Si vous voulez  
bien me bénir, ô pierre sacrée que voici, et que j'obtienne des enfants,  
je vous offrirai le hasina, vous apporterez un coq rouge qui commence à  
chanter et vous oindrai de graisse".

Et lorsqu'ils ont agi ainsi pendant longtemps, ils obtiennent des -33  
enfants grâce à la bénédiction de divin Imatsatso, et ils apportent alors  
tout ce qu'ils avaient promis.

Et quand ils quittèrent ce lieu, divin Imatsatso arriva à Ambohipe- -34  
no, dont Randriantomponimerina et Rataimanongoana étaient les Princes.

Dès que les Princes virent arriver les quatre hommes qui portaient -35  
divin Imatsatso, ils se réjouirent et lui offrirent le hasina de la mon-  
naie-sans-défaut (une piastre).

- 36- Rehefa ren'Andriatomponimerina sy Rataimanangoa ny Asa vitan'io Andriamanitra vao tonga io, dia nanafatra an'Andrianampoinimerina izy roalahy ka nony tonga teo avaratr'Ambohipeno Andrianampoinimerina, dia nanatona azy nitondra any Imatsatso Andriamanitra izy efa-dahy, nefa tsy hitan'Andriatompoinimerina sy Rataimanangoana ny nandehanan'izy efa-dahy nankeny amin'Andrianampoinimerina ka nandroso hiany izy roalahy Andriana. Ary nony voahofana - (<sup>o</sup> voahositra fanafody) tsara Andrianampoinimerina dia tonga.
- 37- Dia avy kosa ny Andriana roalahy, nitondra ny vahoakany marobe, ary nony nahita an'Andrianampoinimerina izy, dia niteny hoe :  
- "Izay ela izay ao lefitrao izahay Andrianampoina fa izao kosa dia manasa fa masaka ny lohomby".
- 38- Dia notofiriny amin'izay Andrianampoinimerina ka tsy nahaloaka azy ny basy, fa Imatsatso Andriamanitra izay nantenainy moa efa eny amin'Andrianampoinimerina. Dia mba nasian'Andrianampoina kosa izy roalahy ka tapaka ny sandriny ary <sup>o</sup> voloka ny feny, ka dia resy tamin'izay Ambohipeno, ka lasan'Andrianampoinimerina ka nobaboina avokoa, fa ny ray aman-drenin'izy efa-dahy sy ny havany sy ny vady aman-janany hiany no tsy novonoina. Ary ny hafa dia novonoina, fa efa nanondro basy an'Andrianampoinimerina, sady tsy natao Andriana intsony ny terak'Andriatomponimerina sy Rataimanangoana ambarak'androany ; fa ny terak'izy efa-dahy kosa no nipetraka ao Ambohipeno, ka tonga isan'ny Tsimahafotsy izy ireo ambarak'androany.
- 39- Izany no toetran'Imatsatso raha tonga izy, ka dia izy efa-dahy sy ny taranany no nitahirany any Imatsatso Andriamanitra.

Lorsqu'Andriantomponimerina et Rataimanangoa eurent appris l'oeuvre -36  
réalisée par ce Dieu nouvellement arrivé, les deux hommes firent appeler  
Andrianampoinimerina. Et quand Andrianampoinimerina fut arrivé au nord  
d'Ambohipeno, les quatre hommes allèrent à lui, lui apportant divin Imatsatso. Cependant, Andriantomponimerina et Rataimanangoa n'avaient pas  
vu que les quatre hommes étaient partis rejoindre Andrianampoinimerina ;  
aussi les deux Princes n'hésitèrent-ils pas à poursuivre leur action. Et  
quand on eut bien oint Andrianampoinimerina d'un charme protecteur, il  
arriva.

De leur côté, les deux Princes arrivèrent, conduisant la multitude -37  
de leurs sujets, et quand ils furent en vue d'Andrianampoinimerina, ils  
lui dirent :  
- "C'est autrefois, Andrianampoina, que nous étions vos inférieurs, mais  
maintenant, nous vous invitons, car la tête du boeuf est cuite (1)".

Ils firent alors feu sur Andrianampoinimerina, mais les balles ne -38  
purent le transpercer, puisque effectivement divin Imatsatso en qui ils  
avaient placé leur espoir, était déjà avec Andrianampoinimerina. Alors à  
son tour Andrianampoina frappa les deux hommes. Ceux-ci eurent les bras  
cassés et les cuisses brisées, et par suite vaincu, Ambohipeno fut pris  
par Andrianampoinimerina et mis au pillage. Seuls ne furent pas mis à  
mort les pères et les mères des quatre hommes, leurs parents, leurs fem-  
mes et leurs enfants ; mais tous les autres furent mis à mort, parce  
qu'ils avaient dirigé les fusils sur Andrianampoinimerina. Et de plus,  
alors que les descendants d'Andriantomponimerina et de Rataimanangoana  
perdaient leur noblesse, qu'ils n'ont toujours pas retrouvée, ce sont les  
descendants des quatre hommes qui s'installèrent à Ambohipeno et furent  
désormais comptés au nombre des Tsimahafotsy.

Voilà comment Imatsatso se comporta dès son arrivée ; et ce sont -39  
les quatre hommes et leurs descendants qui gardèrent divin Imatsatso.

---

1) C'est là une formule de provocation et de déclaration de guerre. Manasa  
normalement "inviter" signifie dans ce contexte "Avis aux amateurs".

- 40- Teo Ambohipeno no nitehirizana any Imatsatso Andriamanitra. Ambohipeno dia ao °avaratry Ialasora, °atsimony Betafo, andrefan'Ambohitri-meloka °antsinanan'Ambohipo.
- 41- Andriamanitra nahery sata tokoa Imatsatso fa ny rano Ivarahina dia tapahiny raha tondraka ka maina azo andehanana eo ampovoany, ary ny rano ao Ambohipo dia ritiny.
- 42- Maro ny zavatra °hainy Imatsatso Andriamanitra fa izay nahazoany voninahitra indrindra, dia ny niaroany an'Andrianampoinimerina °tamy ny bala namelezan'Andriatomponimerina sy Ratsimanangoana azy.
- 43- Niantomboka tamin'izay ny fitiavan'Andrianampoinimerina azy sy ny fanajany'azy (1) ka tsy novàny °tany ny andro nanjakany rehetra.
- 44- Vohitra nalaza Ambohipeno tamin'izany andro izany noho ny °heriny Imatsatso, ka raha misy mandalo io vohitra (tanàna) io na vahiny aza, dia tsy maintsy miala satroka, ary indrindra raha mandalo ny trano misy any Imatsatso, dia mandady akisaka °amy ny tany aza ny kibo, ary ny loha toy ny hilelaka (2) ny tany ; fa raha tsy manao izany, dia adala manary lamba sy mivòvò toy ny alika.
- 45- Maro-fady koa Imatsatso Andriamanitra sady sarotra avokoa, dia izao :
- 1 - Tsy azo itenenana hoe : " **Imatsatso**" ao antanàna, fa mitoy °amy ny anarany izany ka manonona azy.

---

1) Ms : ary.

2) Ms : hilehaka.

C'était à Ambohipeno que l'on gardait divin Imatsatso. Ambohipeno -40  
est au nord d'Alasora, au sud de Betafo, à l'ouest d'Ambohitsimeloka, à  
l'est d'Ambohipo.

Imatsatso était un Dieu qui avait des pouvoirs si puissants, qu'il -41  
interrompait le cours de la Varahina, quand celle-ci débordait, et l'on  
pouvait même la traverser à pied sec. Quant à l'eau d'Ambohipo, il la  
tarissait.

Les choses que sait faire divin Imatsatso, sont nombreuses, mais -42  
ce qui lui fit obtenir le plus d'honneur, ce fut d'avoir protégé Andria-  
nampoinimerina des balles tirées sur lui par Andriatomponimerina et Ra-  
tamanangoana.

C'est alors que prennent naissance l'affection et le respect -43  
qu'Andrianampoinimerina lui témoigna, et qu'il lui conserva pendant tout  
le temps qu'il régna.

Ambohipeno était à cette époque une colline célèbre grâce à la -44  
puissance d'Imatsatso, et si quelqu'un, même un étranger, traversait ce  
village, il devait enlever son chapeau ; bien plus, s'il passait devant  
la maison où était Imatsatso, il devait même ramper en faisant traîner  
son ventre par terre, et la tête devait être comme si elle allait tou-  
cher (1) la terre. En effet, si on ne faisait pas cela, on devenait fou  
à en rejeter ses vêtements (2) et à aboyer comme les chiens.

Divin Imatsatso avait aussi de nombreux interdits qui tous étaient -45  
difficiles à supporter ; les voici :

1 - On ne pouvait dire "Imatsatso" dans le village, car cela ressemblait  
à son nom, et revenait à le prononcer.

- 
- 1) Hilehaka est inconnu des dictionnaires ; on peut hésiter entre Hitehaka,  
toucher, et Hilelaka lécher. De toutes façons, les positions que cela  
suppose sont presque les mêmes.
  - 2) C'est là un symptôme fréquent dans une forme de folie, l'Ambalavelona,  
que l'on rencontre de nos jours en pays sihanaka et qui touche des per-  
sonnes que l'on dit victimes des pratiques maléfiques d'autrui.

- 2 - Tsy azo ilazana hoe, "simba", ao antanàna.
- 3 - Tsy azo ilazana hoe, "ritra ny hanina etc." fa raha miteny izany dia ritra miaraka an'izay <sup>o</sup>hatrany ny fatsakàna sy maina ambanin'ny tanimbary sy tankina <sup>o</sup>hatrany ny ony lehibe. Koa izay miteny izany, dia helohina sy baboira <sup>o</sup>hatrany ny vadiny aman-janany.
- 4 - Tsy mahazo mandrora miantsinanana sy mianavaratra, fa raha manao izany dia tapaka ny feo sy ny tenda-kely, ary indraindray dia jamba ny maso, boka etc. Koa dia nataon'Ambohipeno ho loka mafy ny hoe "Lozan'ny mandrora <sup>o</sup>miantsinanana sy mianavaratra".
- 5 - Tsy mahazo mitahiry rary tsiefa (tsy vita) ao an-trano.
- 6 - Tsy mitahiry o by mainty, akoho mainty, ondry mainty, etc. ao an-trano.
- 7 - Ny olona teraka manao kambana dia vonoina ny zaza iray, fa loza raha velomina.
- 8 - Ny zaza teraka Alakaosy, dia tsy maintsy ahohoka (vonoina).
- 9 - Raha any alatan'no dia tsy mahazo mandray zavatra ao an-trano.
- 10 - Tsy mahazo maha vilia na mamafa trano, raha alina ny andro.
- 11 - Tsy iompiana tsika ao an-tanàna, ary tsy andorana volo.
- 12 - Tsy iakaran'ombi-bory na osy ao Ambohipeno.
- 13 - Tsy mahazo hanan-javatra maizina ny ao Ambohipeno.
- 14 - Tsy itenenam'varatra ao Ambohipeno, fa izay miteny izany dia latsahan'ny varatra

46- Ireo voalaza ireo no zavatra tandreman'Ambohipeno sy ny vohitra manaiky any Imatsabo Andriamanitra, ary indrindra fa ny mponina manodidina eny, izay manatona ao hanasina sy hanompo azy dia samy mitandrina izany, toy ny an'kandriamasony avy na kely na lehibe.

2 - On ne pouvait dire "abînés" dans le village.

3 - On ne pouvait dire "l'eau de la cuisson s'est complètement évaporée, etc" car, si l'on disait cela, toute l'eau s'épuisait jusque dans les sources, et il n'était jusqu'aux rizières qui ne devenaient sèches et jusqu'aux grands fleuves qui ne tarissent. Aussi celui qui disait cela était condamné et ses biens étaient confisqués, y compris femme et enfants.

4 - On ne pouvait cracher en direction de l'est ni du nord, et, si on le faisait, on avait les cordes vocales et la luette coupées, et parfois on perdait la vue, on devenait lépreux, etc. Aussi pour jurer, les gens d'Ambohipeno disaient-ils ces mots : "Par<sup>le</sup> malheur de qui crache vers l'est et le nord".

5 - On ne pouvait conserver à la maison un travail de vannerie inachevé.

6 - On ne conservait pas à la maison de boeuf noir, de coq noir, de mouton noir, etc...

7 - Si quelqu'un mettait au monde des jumeaux, on tuait un des enfants, car le laisser vivre aurait apporté le malheur.

8 - Il fallait noyer les enfants nés sous le signe du Sagittaire.

9 - Si on était dans la cour, on ne pouvait prendre quelque chose dans la maison.

10 - On ne pouvait laver les assiettes ni balayer la maison, s'il faisait nuit.

11 - On n'élevait pas de chien dans le village et l'on n'y brûlait pas de bambous (1).

12 - On ne faisait monter à Ambohipeno ni boeuf-sans-corne ni chèvre.

13 - Les gens d'Ambohipeno ne pouvaient manger dans le noir.

14 - On ne parlait pas de la foudre à Ambohipeno, et celui qui en parlait était foudroyé.

Tout ce qui a été dit est observé par Ambohipeno et les villages -46  
qui reconnaissent divin Matsatso. Et en particulier, grands ou petits,  
les habitants des environs, qui y venaient pour lui offrir le hasina  
et le servir, devaient tous y prendre garde, comme à la prunelle de leurs  
yeux.

---

1) ou des chevaux ?

- 47- Miseho eto koa ny voninahitry Imatsatso mihoatra ny Andriamanitra rehetra, fa raha mivoaka handeha Andrianampoinimerina na ho aiza na ho aiza, dia izy irery sy izy efa-dahy mpitondra azy hiary no atao ao alohan'ny Andriana no loha-làlana indrindra, handresy ny tonon'andro ratsy sy anala ny <sup>o</sup>vinta-tsy mahaso, ka nomena anarana koa izy hoe, "Fitari-kandro, Fanazava Mpitari-dàlana", fa ny Andriamanitra rehetra kosa dia aorian'ny Andriana tarihiny làlana avokoa.
- 48- Rehefa mialoha Imatsatso Andriamanitra, dia asiana olona enin-dahy eo alohany, ka miantso hoe :
- "Mitanià, mitanià, handehanan'Andriamanitra !  
Ary raha misy tsy mitanià (nefa mahare izany feo izany, na olona na omby na alika etc) dia maty tsy vonoina eo izy.
- 49- Izany ary no herin'io Andriamanitra Imatsatso io. Fatratra tokoa ny tahotry ny olona sy ny fanajany azy, fa raha mandalo ny trano misy azy na manasina azy, dia mandady mikisaka <sup>o</sup>amy ny tany erỳ, fa izay tsy manao izany, dia petraka mafy eo.
- 50- Indray andro, dia hoy Andrianampoinimerina :
- "Vory eto avokoa izao ny Andriamanitra sy hianareo mpitahiry azy avy, ka izay mahatonga mamba iray eto anatrehako izao ankahitriny izao, dia omeko ariary 100".  
Dia niteny Andriana dritany (mpitahiry any Imatsatso Andriamanitra) hoe :
- "Aza malahelo hianao Andrianampoinimerina, fa tsy mamba iray hiary no ataoko tonga eto fa mamba fito ; koa mandrorà hianao, ka raha mbola tsy maina ny rorany, dia ataoko tonga ny mamba 7.
- 51- Dia nandrorà Andrianampoinimerina, ka nafaohin'ny rambondanitra ny rano Ivarahina, dia nentin'ny rambondanitra ny mamba 7 ka napetrany teo anatrehan'Andrianampoinimerina, nefa tsy mbola maina akory ny rorany.



Voici autre chose qui montre que par l'honneur Imatsatso surpassait tous les autres Dieux ; en effet, lorsqu'Andrianampoinimerina faisait une sortie, quel qu'en fût le but, seuls Imatsatso et les quatre hommes qui le portaient précédaient le Souverain pour constituer l'avant-garde, vaincre les mauvaises influences diurnes et exorciser les destins néfastes. Aussi lui donna-t-on également les noms de : "Susciteur de jour, Flambeau, Guide". Tous les autres Dieux, par contre, étaient derrière le Prince qu'il conduisait. -47

Lorsque divin Imatsatso est en tête, on le faisait précéder de six hommes qui criaient : -48  
- "Mettez-vous de côté, mettez-vous de côté, que Dieu puisse passer". Et s'il en était qui ne s'écartaient pas, ayant pourtant entendu ce cri, que ce fût une personne, un boeuf ou un chien etc., ils mouraient là sans qu'on se fût donné la peine de le tuer.

